SORONA MASINA
NY ALAHADY 10 MARTSA 2024
ALAHADY FAHA-4 – TAONA B KAREMY
TIA ANTSIKA MPANOTA NY RAY

**Fidirana** : Miverena ianao, o ry mpanota ô

**Miverena ianao, ô ry mpanota ô,**
**Izaho ny fiainanao, izaho no lalanao,**
**Izaho Tomponao no fahamarinanao ;**
**Miverena ianao, fa izaho no miantso anao.**

1. Tonga aho hanome fiainam-bao anao (miverena...)
Tsy ho faty ianao raha izaho no iainanao ;
Sitraky ny Ray ny hahavoavonjy anao, (miverena...)
Ho hafaliam-be ny fiverenanao.

2. Tonga aho ho anao, hanoro lalana, (miverena...)
Tsy ho very ianao raha toa manaraka ahy ;
Sitraky ny Ray ny hahavoavonjy anao,
Ho hafaliam-be ny fiverenanao.

**Fifonana**: Mifona mivalo aho Tompo, mahatsiaro fa meloko ô

Mifona mivalo aho Tompo, mahatsiaro fa meloko ô !
Nitsipaka ireo lalàña jiaby, napetrakanao taty,
Maso voa sakay ninahy Jesoa, afara tandremako ô !
Malilo zaho Tompo ô ! ô !
***Tsy hañampody eky e ià ! ireo otako ô ! ô !***
***Aliveña impito añy e !***
***Malilo zaho Tompo ô ! ô !***
***Mamindrà fo amiko, ireo otako ô ! ô !***
***Aliveña impito añy e !***

Ireo fantsika marobe, naoriko amy tañanao
'Lay saboa marañitry e, naoriko amy tratranao
Rôra, tehamaiña, ronjironjy, nataoko amy sôranao
Malilo zaho Kristy ô ! --
***Tsy hañampody eky e ià ! ireo otako ô ! ô !***
***Aliveña impito añy e !***
***Malilo zaho Kristy ô ! ô !***
***Mamindrà fo amiko, ireo otako ô ! ô !***
***Aliveña impito añy.***

Fitiavaña namaña io hatrany, tsy maintsy imasoako ô !
Fa io no teña lalaña e, hampanjaka ny rariny e !
Ireo kisasy efa rango ela, adosoko amy jeriko ô !
Malilo zaho Tompo ô ! ô !
***Tsy hañampody eky e ià ! ireo otako ô ! ô !***
***Aliveña impito añy e !***
***Malilo zaho Tompo ô ! ô !***

***Mamindrà fo amiko, ireo otako ô ! ô !***
***Aliveña impito añy e !***

**Vakiteny 1 : 2 Tant. 36, 14-16. 19-23**

**Setriny : Sal. 136** (Tonoina) 'Aoka hipetaka amin'ny lanilaniko ny lelako, raha tsy mahatsiaro anao aho.'

**Vakiteny 2 : Efez. 2, 4-10**

**Fihobiana Evanjely** : Dera anie ho Anao ry Kristy Mpanjakanay rehetra, mitenena Tompo ô, hamelona, hanazava

**Evanjely : Jo. 3, 14-21**

**Fiekem-pinoana** : Tononina (en français)

**Ranombavaka** :

Ray ô, Mpamindrà fo ianao, Mpamela heloka, mba raiso re ny vavaka.

**Rakitra : 1.** Mifankatiava e, isika ra olombelona

**2.** Ianao koa ve, ô ry Tompo ô, Ianao koa ve hanameloka ahy?

**Ianao koa ve, ô ry Tompo ô,** )
**Ianao koa ve hanameloka ahy?** ) (indroa)
**Mandehàna ianao,** )
**Fa aza manota intsony**. (indroa) ) (indroa

1 Mandia tany anie aho, ka solafaka,
Miloloha lanitra e, ka lena ihany;
Tondroina molotra aho ary esoina,
Dia indro entina hotoraham-bato.

2 Efa niezaka aho, efa namindra,
Indrisy lavo indray, fa mbola osa;
Ka nohelohina aho, nalaim-baraka,
Tsy mendrika hiray amin'ny olo-marina.

**Fanolorana** : Mofo sy divay e, no atolotray ho Anao ry Tompo

1. **Mofo sy divay e no atolotray e**

**Aminao, ry Tompo.**

Mofo sy divay no atolotray...

Aminao, ry Tompo Andriamanitra ô...

Toy ny nanafaran'i Jesoa...

Raiso re, ry Ray ao an-danitra ô...

2. **Mba ho sorom-belona e,**
**Soron'i Jesoa ô, namonjeny anay.**
Mba ho sorom-belona hamonjy,
Hamasino re, Andriamanitra ô…
Mba ho Ra sy Vatan'i Jesoa…
Raiso re, ry Ray ao an-danitra ô…

**Masina**: Masina (in-3), Masina, masina, Anao ry Tompo ( St Jean Paul II)

**Anamnèse** : Resinao ny fahafatesana ry Tompo

**Rainay** : Notre père (Père Elie)

**Fiadanana** : Mpianakavy isika e, samy zanaky ny Ray e

**Mpianakavy isika** (indroa)
**Samy zanaky ny Ray e,**
**Tsy misy avahany na hoe halany**
**Fa tiany hifankatia.**

1 Jesoa nampianatra antsika
Ho tia ny olon-drehetra
Tsy hanavakavaka na hisaratsaraka
Fa ho iray marina tokoa.

**Zanak'ondry**: Anaka Ondrik'ondrin-dRagnahary e ô ia ee (Mba tipozy)

**Kominio**: Ny endrikao ry Jesoa ô

1 - Ny endrikao, ry Jesoa ô, no takona aminay izao
Fa ny finoanay mahita Anao anatin'ny hôstia
Jesoa ô, omeo anay finoana mafy sy tsy miova
Hilazanay lalandava hoe: Mino Anao izahay

2 - Tantanonao, ry Jesoa ô, izany dianay atý
Fa izahay manantena Anao anatin'ny hôstia
Jesoa ô, omeo anay fanantenana hahita Anao
An-danitra any rahatrizay, manantena izahay

3 - Fitiavam-be, ry Jesoa ô, no itoeranao lalandava
Iandrasanao isan'andro anatin'ny hôstia

Jesoa ô, omeo anay ny fanirina tsy te handao

Tsy te hisaraka Aminao, fa tia Anao izahay

**Fisaorana** : Matoa gny olo mifiopioke

**Famaranana**: Ry Renin'Andriamanitra ô ô, midera anao izahay e

1- Ry Renin'Andriamanitra ô, midera anao 'zahay e
Fa Izy 'lay Mahefa ka nahary ny tontolo e,
Namolavola vatana natokany ho anao e,
Hiteraka ny zanak'Andriamanitra rehetra.

**Eny Ry Maria ô, ry Eva vaovao,**
**Natokan'Andriamanitra ho reninay ianao e**
**Ny fony be fitiavana nafindrany aminao e**
**Ka nentiny hanasoavana an'izao tontolo izao.**